# Ny Baiboly ho an'ny ankizy
## dia manolotra

# Ny nahaterahan'i Jesoa



Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: M. Maillot

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Nampifanarahin'i: E. Frischbutter; Sarah S.

Tantara 36 amin'ny 60

**www.M1914.org**

***Bible for Children,*** *PO Box 3, Winnipeg, MB R3C 2G1 Canada*

Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Malagasy



Taloha ela be Andriamanitra dia naniraka ny Anjely Gabriela hamangy ankizivavy jiosy iray antsoina hoe Maria.

1



Ary hoy izy taminy: "Hiteraka zazalahy ianao ka ny anarany ataonao hoe Jesoa. Izy ilay hantsoina hoe Zanaky ny Avo Indrindra. Ary ny fanjakany tsy hanam-pahataperana".

2

"Ahoana re no hahatanteraka izany e?" hoy ilay ankizivavy gaga. "Izaho mantsy tsy mbola mahalala lahy." Ny anjely namaly azy fa Andriamanitra no hametraka izany zaza izany ho ao an-kibony. Ka tsy hanana ray olombelona velively izy.



3

Nambaran'ilay Anjely tamin'i Maria koa fa i Elizabeta rahavaviny, eny fa na dia antitra aza,dia mitoe-jaza amin'izao fotoana izao. Fahagagana koa izany. Fotoana vitsy taorian'izay, Maria dia nandeha namangy an'i Elizabeta. Ary dia niara nisaotra an'Andriamanitra izy ireo.



4

Maria dia fofombadin'i Josefa. Hany ka nalahelo Josefa raha nahafantatra fa bevohoka i Maria. Nihevitra izy mantsy fa misy lehilahy hafa miaraka amin'i Maria any, rain'io zaza ao an-kibony io.



5

Ny anjelin'Andriamanitra dia nanambara tamin'i Josefa tao amin'ny nofy fa ny zazakely dia Zanak'Andriamanitra. Tokony hanampy an'i Maria hikarakara sy hitaiza an'i Jesoa izy noho izany.



6

Natoky an'Andriamanitra Josefa ka dia nanaraka ny teniny. Nanaja ny lalàna misy eo amin'ny fireneny koa izy.



7

Araka ny didim-panjakana iray vao nivoaka mantsy, dia tsy maintsy niverina tany amin'ny tanàna nihaviany, any Bethlehema, Josefa sy Maria mba hosoratana



amin'ny fandoavan-ketra.

8


Efa nihetsi-jaza i Maria. Saingy tsy nahita efi-trano hivantanana mihintsy i Josefa. Feno daholo ny trano fandraisam-bahiny tao an-tanàna.
9


Tranon'omby no hany hitan'i Josefa. Ary dia tao Jesoa no teraka. Nampandrian'ny reniny tao anaty fihinanam-bilona izy, toerana izay natokana hametrahana ny sakafo ho an'ny biby.
10


Tsy lavitra teo dia nisy mpiandry ondry niandry ny ondriny. Niseho tamin'izy ireo ilay anjelin'Andriamanitra ka niteny taminy fa hilaza vaovao mahafaly amin'izy ireo izy.
11


"Fa mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tananan'i Davida. Dia Kristy Tompo. Ny zazakely dia ho hitanareo mandry eo am-pihinanam-bilona".
12


Tampoka teo nisy Anjely maro be niseho ka nidera an'Andriamanitra nanao hoe:
13


"Voninahitra ho any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ety ambonin'ny tany ho amin'ny olona ankasitrahany."
14

Ary ny mpiandry ondry dia nandeha faingana, nitady ilay tranon'omby. Ary nony efa hitany ilay Zazakely, dia nitantara tamin'ny olona rehetra ny teny nolazain'i anjely taminy momba an'i Jesoa izy.



15

Nony afaka efapolo andro, dia nentin'i Josefa sy Maria tao an-tempoly tao Jerosalema i Jesoa. Nisy lahiantitra iray antsoina hoe Simeona tao, nankalaza sy nidera an'Andriamanitra noho ny amin'ilay Zaza.



16

Ary i Ana, ilay mpanompovavin'Andriamanitra kosa nisaotra azy. Izy roa ireo dia samy nahalala fa i Jesoa no Zanak'Andriamanitra, ilay Mpamonjy efa nampanantenaina hatrizay. Nanolotra domoina roa i Josefa hatao fanatitra.



17

Izany dia voadidin'ny lalàn'Andriamanitra, haterin'ny olona mahantra rehetra, rehefa hanolotra ny zanany ho an'Andriamanitra izy ireo.



18

Tato aoriana kely, nisy kintana hafa kely avy any atsinanana,



nitarika ny olon-kendry ho ao Jerosalema. Nanontany ny olona izy ireo hoe: "Aiza no teraka ny Mpanjakan'i Jiosy? Fa tonga hiankohoka eo anatrehany izahay."

19

Nony nandre izany ny mpanjaka Heroda, dia nangorohoro ka nampaka ny olon-kendry ary nilaza taminy fa rehefa mahita an'i Jesoa izy ireo, dia mba ambarao aminy. "Mba hankanesako any koa hiankohoka eo anatrehany" hoy izy. Saingy nandainga i Heroda. Hamono an'i Jesoa no tetiny.



20
















Ny nahaterahan'i Jesoa

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 1-2, Lioka 1-2

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Fantatr'Andriamanitra fa nanao zavatra ratsy isika. Fahotana no iantsoany ireny. Ny vokatrin' ny fahotana dia fahafatesana.

Tena tian'Andriamanitra tokoa anefa isika, ka dia nalefany ny Zanany lahitokana, Jesoa, ho faty eo ambony hazofijaliana hisolo ny fahotantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa ary niverina nankany am-Paradisa! Amin'izao anio izao Andriamanitra dia afaka mamela ny helontsika.

Raha te-hiala amin'ny fahotanao ianao, lazao amin'Andriamanitra hoe: Andriamanitra o! Mino aho fa maty noho ny amiko Jesoa ary velona Izy ankehitriny. Miangavy anao aho, midira ao amin'ny fiainako, ary mamela ahy noho ny otako rehetra mba hananako fiainana vaovao, sy hahafahako miaraka aminao mandrakariva. Ampio aho ho velona ho anao tahaka ny Zanakao.
Amena. Jaona 3:16